

Fikojakojana ny fatana masoandro

Mba hahafahan'ny tara-masoandro sy ny hazavana izay entiny,dia tsara raha madio tsy misy vovoka,na lemboka,mandrakariva ny fitaratra .

Mba hahafahana manome endrika sy hiarovana amin'ny biby,toy ny neon,dia tsara raha apetraka eo ambonin-javatra,toy ny seza,na biriky,sy ny hafa ilay Fatana.

Azo atao ny mamafa ny ao anatiny,amin'ny lamba mandomando.

Azo atao ny manisy gadana azy, Indray andro any,raha misy ny fahasimban'ny fatana,dia azonareo atao ny mitondra azy,ao amin'ny Atelienay ao-TOLIARA – Route / Betanimena.

Tombon-tsoa amin'ny fampiasana fatana masoandro

Tsy mandany vola amin'ny fividianana gazy,(charbon), kitay,ary ny Solitany Mihena avo roa heny ny vola mivoaka,amin'ny fividianana fandrehitra, (charbon), kitay,gazy,sy solitany,satria amin'ny alina, sy amin'ny fotoana manjavona,sy mandrahona ihany ,vao tsy ampiasaina ilay Fatana.

Fahasalamana

Tsy manimba fahasalamana,satria tsy misy setroka ,sy afo mandoro, sakafo be vitaminina.

Fotoana

Tsy mandany fotoana,amin'ny fisoronana afo,ary amin'ny fitadiavana kitay,ka afaka mianatra,na manao asa hafa.

Tontolo iainana

Miara ny tontolo iainana,satria mitsitsy ny ala, tsy mandoto ny rivotra iainana,ary mihena ny loza ateraky ny afo.

Mihena ny setroka,na ny Entona,amin'ny rivotra iainana, mihena ny fandripanana ny ala.

Fahatsarany

Mora ampiasaina...Tsy mandoro sakafo

Tsy misy afo atahorana ,na mafana be aza ny andro.

Sakafo tsy mila haroina.

Azo ampiasaina amin-javatra maro loha,toy ny famanana rano (ho sotroina, handiovana lamba,sy finga,ary vilany feno menaka)

Anaovana sakafo sy mofo isan-karazany, mamono ireo biby kely anaty voamaina mitana hafanan'ny sakafo,ho an'ireo mpivarotra amoron-dalana

Azo itahirizana zavatra,toy ny lamba,na voamaina, amin'ny fotoana tsy ampiasana azy,ilay Fatana miendrika vata.

ADES

CONTACT: E.mail:ades.toliara@adesolaire.org

ADES – Route de Betanimena,601 Toliara.BP: 637.TEL: 032 02 065 56 ou 94 444 63.

Nanao ny Sary : Jean – Aimé RANDRIANANDRASANA

Finday : (032 45 330 72)

Ny

Association pour le Développement de l'Energie Solaire (A.D.E.S)

Miaraka amin'ny

Association pour la sauvegarde de l'Environnement (A.S.E)

Sy ny

fondation

TANY MEVA

Dia manolotra anareo,toro lalana mikasika ny :

Fiketrehana amin'ny fatana masoandro


Ny zavatra ilaina : - **Fatana masoandro**

- **Vilany mainty**

Ny fatana masoandro dia fitaovana ahafahana mandray sy mampiasa ny herin'ny masoandro.Ary natao indrindra ho an'ny faritra tropikaly(Be Masoandro). Noho izy afaka mampiakatra ny hafanana ao anatiny hatramin'ny 150°C.



Azo ampiasaina hiketrehana sakafo toy ny :



Azo ampiasaina koa hamanana rano sy hamonoana biby kely sy otrikaretina.

Mba tsy hampiovaova ny hafanana ao anatiny dia vilany miloko mainty no ampiasana amin'ny fiketrehana.




Izany hoe: Vilany tsotra toy ny fampiasa andavan'andro izy io,fa saingy nolokoina mainty ny ao ivelany ao,mety koa na Vilany Aliminiôma tsotra ireny.

Fomba fiasan'ny fatana masoandro

Ny fitaratra dia mamela ny tara-masoandro hiditra ao anaty fatana sady mitana hafanana, ny vilany miloko mainty, ary ny loko mainty ao anatin'ny fatana dia misintona hafanana,ny fehin-kafanana (isolant) koa dia mitazona sy manakana ny hafanana tsy hivoaka. Ny fiasan'ireo rehetra ireo dia mampiakatra ny hafanana ao anatin'ny fatana hatrany amin'ny 150°C

Ny zavatra hita amin'ny fatana:



Vata mitahiry hafanana

Takotra Vita amin'ny Fitaratra

Takelaka manjelatra Mamerina hazavana

Vilany miloko mainty




Tapa-kazo



1° fametrahana ny fatana manoloana ny masoandro

Tsy maintsy atodika manatrika ny masoandro lalandava ny fatana:


- Vohaina ny takelaka manjelatra
- Tohanana amin' ilay tapa-kazo kely ny takelaka manjelatra.
- Atao mirazotra amin' ny sisin'ny fatana masoandro ny alok'ilay hazo kely fanohanana.



Tsy mety izao asehon'ny sary izao (Misy very ny tara-masoandro)

Mety izao asehon'ny sary izao (Tsy very ny tara-masoandro)


_TSAKOLISA SY KABARO




1. Alona ny voamaina amin'ny alina,alohan'ny hahandroana azy ny ampitso

2. Avy eo,ariana ny rano avy nandonana azy

3. Tonga dia atao anat vilany,dia asiana rano manarona azy ny voamaina,sy ny tsako.




FATRAN'NY RANO AMPIASAINA	FAHARETANY
Rano kely amin'ny voalohany,avy eo Tampohana tsikelikely,mandra-pahamasany.	3ora eo ho eo 

FANAMARIHANA

Izay mbola manjavozavo aminao,dia vonona ny hanome fanazavana ho anao ireo tompon'andraikitra ao amin'ny A.D.E.S...Tongava e !

BALHAZO MAIKE


1. Alona ny mangahazo mba hanesorana ny hodiny alohan'ny hahandroana azy.




2. Avy eo, ariana ny rano avy nandonana azy



3. Tetehina ny balahazo maike



4. asiana rano manarona azy


FATRAN'NY RANO AMPIASAINA	FAHARETANY
Rano kely amin'ny voalohany, avy eo Tampohana tsikelikely, mandra-pahamasany.	3ora eo ho eo 

2° fampiasana ny takelaka manjelatra mamerina hazavana

Mba hahatafiditra tsara ny taratry ny masoandro bebe kokoa ao anaty fatana dia tsy maintsy atao izay hahatonga ny taratra very ho ao anatin'ny fatana masoandro amin'ny alalan'ily takelaka manjelatra.


- Tokony hiovaova manaraka ny hahavon'ny masoandro ny fivoahan' ily takelaka manjelatra manatrika ny masoandro
- Ampiasaina, ilay hazokely mba hanohanana azy amin'izany fiovaovana izany
- Ampiasaina ihany koa ilay tadikely mifatotra amin'ny sisin'ny fatana, mba hitazona ilay takelaka manjelatra amin'ny rivotra
- Raha toa ka tsy tafiditra ao anaty fatana tsara ny taratr'ily masoandro dia midika izay fa tsy voahaja ireo fepetra voalaza etsy ambony, ka tokony harenina ny alok'ily hazokely, sy ilay takelaka manjelatra.

Fampiasana azy diso



Jerevo tsara izao asehon'ny Sary Iza, fa ilay hazavana avy eo amin'ny takelaka Manjelatra dia miverina Tsy tandrify ny vilany mainty.

Fampiasana azy Marina



Jerevo tsara izao asehon'ny Sary Iza, fa ilay hazavana avy eo amin'ny takelaka Manjelatra dia miverina tandrify, ny vilany mainty.


Mba hahatafiditra tsara ny taratrin'ny masoandro ao anaty fatana dia atongilana tsara ilay takelaka manjelatra manatrika ny masoandro mba hanome hazavana eo ambony fatana.

Ny fotoana mahamasaka ny ketraka dia miankina amin'ny sakafo ho ktrehina sy ny toetr'andro ary ny fotoana. **Tsy mahamasaka raha mahandro amin'ny alina, sy andro mandrahona manorana, na andro manjavona.** Fa raha tsara ny andro, izany hoe: tsy mandrahona dia maharitra ora 1 na 3 ora amin'ny an-kapobeny ny faharetan'ny ketraka. Mba hahamora masaka, dia tsara raha tetehina madinika ary alona maharitra dieny mialoha ireo sakafo maina toy ny balahazo, kabaro, tsako.

Mba hahafahana misakafo amin'ny 12 ora atoandro, dia tsara raha atokona amin'ny 8 ora maraina ny ketraka, ary atokona amin'ny 12 ora toloandro ny sakafo ho amin'ny hariva. Raha vao milentika ny masoandro amin'ny hariva, dia akatona ny fatana ary dia hijanona hafana lalandava ao anatin'ny ao, ny sakafo mandra-pihinana azy.

NY FOMBA FAHANDROANA AMIN'NY FATANA MASOANDRO

BALHAZO SY HENA RO



- Hena 1kg, voatetika madinika 4cm eo ho eo ny halehibeny
- Tongolo mena
- Karaoty 02 voatetika boribory manify

- Vomanga 02, voatetika tokony ho 4cm ny habeny
- Tongolo maintso lehibe(poireau)01, votetika boribory
- Tahona- celeri 02voatetika boribory





- Mangahazo lena antonotonony 02 voatetika 4cm
- Vaingana jirofo 04
- Dipoavatra voany 06.
- Sira izay tiana...

Hafanaina ao anaty fatana masoandro ny rano 2 litra, asiana sira, tongolo mane voa silaka roa, ny dipoavatra, ary ilay jirofo. Arotsaka ny hena ary tanehina miaraka mandritra ny adiny 2 sy sasany. Andrahoina mitokana ny mangahazo ary ariana ny ranony rehefa masaka. Arotsaka ireo legioma hafa, ary tanehina mandritra ny adiny 1, arotsaka farany ny mangahazo.


VOAMAINA, LOJY, KABARO, TSARAMASO MAINA **(Izay Tianao amin'ireo)**

1. Alona ny voamaina amin'ny alina, alohan'ny hahandroana azy amin'ny ampitso.





2. Avy eo, ariana ny rano nandonana azy tamin'ny hariva iny.

3. Tonga dia atao anaty vilany, dia asiana rano manarona azy ny voamaina.




Afaka 2 ora vao arotsaho ny kojakoja rehetra (toy ny voatabia, tongolo, menaka sns...)


FATRAN'NY RANO AMPIASAINA	FAHARETANY
Rano kely amin'ny voalohany, avy eo Tampohana tsikelikely, mandrapahamasany.	3ora eo ho eo  

HENA SAOSY NA FIA SAOSY



-Tetehina madinika ny Fia atao anaty vilany,afangaro amin'ny menaka kely,miaraka amin'ny kojakoja (tomate, tongolo sns).
-Mitovy fahandroana amin'ny Fia saosy koa,ny Hena saosy



FATRAN'NY RANO AMPIASAINA	FAHARETANY
Rano avy nanasana ny Fia ihany,no atao ranon-daoka,sady mahamasaka azy.	2 ora sy 30 minitra, na 3ora eo ho eo 

POULET ROTI



- Hosorana tanteraka amin'ny vatan'ilay akoho ny kojakoja tianao hahatsara azy.
- Tonga dia atao ao anatin'ny Fatana.
(**Tsy mila asiana rano**)
FAHARETANY:2ora sy 30 minitra,na 3ora eo ho eo

HENA SY LEGIOMA ISAN-KARAZANY NA TSARAMASO LENA SY HENA




- **Tetehina madinika ny hena**,atao anaty vilany miaraka amin'ny kojakoja (Tomate, tongolo sns)
FATRAN'NY RANO: Rano avy nanasana ny hena ihany no atao ranon-daoka,sady mahamasaka azy.
-**Atao anaty vilany hafa koa ny tsaramaso lena** Asiana rano kely manarona azy ny tsaramaso Rehefa samy masaka ireo,dia afangaro amin'izay alohan'ny hisakafoanana azy.

FATRAN'NY RANO: Tampohina rano tsikelikely ilay tsaramaso mandra-pahamasany...(FAHARETANY: 3 ora eo ho eo)

MOFO BALHAZO

Mangahazo voaofy ary voaraotra manify 300g



Dobera malemy 100g Lavanila 01 Atody 04 Siramamy 02 Sotro be Ronono 01 boaty



Kapohina miaraka ny atody sy siramamy ary avela handroatra tsara, rehefa izany dia arotsaka tsikelikely ny lafarinina sy ny leviora, ary ny dobera . Arotsaka ao anaty maoly Fisaka lehibe iray,ary tandremana mba tsy hihoatra 3cm ny hateviny,saronana ary atsofoka ao anaty lafaoro masoandro anatin'ny adiny 2.



VARY AMIM-BOANIO



• Vary 2kapoaka Rano 2 kapoaka Ranom-boanio 1kapoaka
• Carry sy sira izay tianao.

Ampangotrahina ao anaty fatana masoandro(four solaire) ny rano, arotsaka ny vary , asiana sira sahaza , saromana ny vilany ary avela hiketrika ao anatin'ny 1 ora eo ho eo, dia arotsaka indray ny ranom-boanio , asiana carry kely , saromana dia avela hiketrika 1 ora eo ho eo.

MADELEINES CHANTAL





Kapohina miaraka ny atody sy siramamy, ary avela handroatra tsara, rehefa vita izany dia arotsaka tsikelikely ny lafarinina sy ny leviora, ary ny dobera . Arotsaka ao anaty “Moules Madeleines” ka atao Hatreo amin’ny antsasany ihany ny haavony. ary dia atsofoka ao anaty fatana masoandro, mandritra ny adiny 1 eo ho eo.

FANOMANANA NY FAHANDROANA AMIN’NY FATANA MASOANDRO


FOMBA FAHANDROANA VARY LISA NA VARY STOCK TAMPON



- Hafanaina manokana ny rano, mandritra ny 1 ora sy 30 minitra (fara faharetany) hafanaina manokana ao anaty fatana mandritra ny 1 ora sy 30 minitra (fara faharetany), ny vary efa madio, afangaro avy eo.
- Avela mandritra ny 1 ora ao anaty fatana, izy

FATRAN’NY RANO AMPIASAINA	FAHARETANY
2KV = 2 KR + 1,5 KR = 3,5 KR (Vary lisa)	2 ora sy 30 minitra na 3 ora eo ho eo  
4 KV = 4 KR + 1,5 KR = 5,5 KR (Vary lisa)	
2KV = 2KR + 2 KR = 4KR (Vary Stock T..)	
4KV = 4KR + 2KR = 6KR (Vary Stock T..)	
KV = Kapoakan’ ny Vary KR = Kapoakan’ny Rano	

FANOMANANA NY FATANA MASOANDRO



Alohan’ny hiketrehana, dia tsara raha apetraka manoloana ny masoandro mandritra ny 30 minitra farafahakeliny ilay fatana (ary mbola tsy asiana vilany ny ao anatin’ny) mety ihany koa anefa raha tonga dia ampiarahina ny vilany sy ny fatana hahandroana. **Raha hijery ny sakafao ao anatin’ny fatana, dia esorina tanteraka ao anatin’ny ilay vilany, dia akatona ny fatana, mba hitazona ny hafanana (toy izany ihany koa ny fomba atao raha hampifangaro kojakoja toy ny, voatabia, tongolo, menaka...sns)**

HENA SY RO MAZAVA



- Tetehina madinika ny hena atao anaty vilany.

- Afangaro amin’ny menaka kely miaraka amin’ny kojakoja izay ataonao, hahatsara azy.
- Ny Ro mazava ketrehina amin’ny vilany manokana.

FATRAN’NY RANO AMPIASAINA	FAHARETANY
Rano avy nanasana ny hena ihany, no atao ranon-daoka.	2 ora sy 30 minitra na 3 ora eo ho eo